VEHIVAVY VONONA SAHY DIASPORA (VVSD)

# Nanome fanampiana traboina miisa 500

Mahatsiaro ny mpiray tanindrazana aminy ny Fikambanana mpanao asa soa any ampitandranomasina VVSD : Vehivavy Vonona Sahy Diaspora manerantany, amin'ny voina mahazo ny mpiray tanindrazana, vokatry ny loza voajanahary rivodoza sy ny takaitra navelany teto amin'ny firenena . Nisy araka izany ny voin-kava-mahatratra fanampiana araka izay voatsirambin'ny tanany, nentin'izy ireo ho an'ny traboina miisa 500 teto Antananarivo Renivohitra, ka ny 250 tamin'izy ireo teny amin'ny fokontany Anjezika Andavamamba sy teny Andohatapena akaikin'ny gara Maki. Manaraka izany , nisy ny antso nataon'ny Vehivavy TIM noho ny fisian'ireo Vehivavy TIM traboina , ka 250 ihany koa no nisitraka izany tao amin'ny QG Bel'Air . Araka ny maha mpanao asa soa ny fikambanana VVSD dia nilaza izy ireo, fa santatra ambavarano ihany no nataony, fa mbola hitohy ny ezaka hanampiana ny Malagasy tratry ny fahasahiranana. Ny vehivavy TIM dia nisaotra ny fikambanana VVSD, noho ny fanampiana fitsinjovana ny mpiray tanindrazana aminy tamin'ny fanampiana izay nataony, satria na any an-tany lavitra aza izy ireo dia tsy manadino ny mpiray tanindrazana aty an-toerana.


*Ny filohan'ny Vehivavy TIM Analamanga, nitarika ny fanolorana ny fanampiana avy amin'ny VVSD.*

***Helisoa***

Vola tokony hanaovana teleferika

# Zarao amin'ireo distrika miisa 119 hoy ny depiote Brunelle

Tsy laharam-pahamehana ny fanaovana teleferika eto Antananarivo, hoy ny depioten'Ikongo Brunelle Razafitsiandraofa, izay sady filoha lefitry ny Antenimierampirenena any Fianarantsoa, avy amin'ny IRD. Zarao amin'ireo distrika miisa 119 eto Madagasikara izany hoy ity olom-boafidy ity, dia ny ambiny homena an'Antananarivo amin'ny maha renivohitr'i Madagasikara azy. Toy izao ny fanambarany mahakasika izany: "Izaho dia solombavambahoaka manamafy, fa tsy laharam-pahamehana ny fametrahana teleferika eto Antananarivo. Any aoriana izany vao mety ilaina, ny maika izao dia ny hampifandraisana ny distrika manerana ny Nosy. Jereo izao ny manjo ny distrikan'Ikongo misy anay, tsy misy mpijery, satria tapaka ny lalana." Nisy ny tatitra nataony tao aorian'ny fandalovan'ny rivodoza Batsirai farany teo:"Taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Batsirai izay nanimba fotodrafitrasa maro sy namoizana mpiray tanindrazana maro dia miombona sy miray fo amin'ny malagasy rehetra izay mandalo fotoan-tsarotra amin'izao ny tenako. Mankahery ireo marary miombom-pahoriana amin'ireo izay namoy havana aman-tsakaiza. Amin'ny fotoan-tsarotra toy izao no tokony hanehoana ny fifankatiavana, ny firaisankina ary ny fihavanana malagasy. Ho singaniko manokana eto ny voina nahazo an'Ikongo izay Distrika nahavoafidy ahy. Isan'ny niaina nivantana ny fandalovanan'ny rivodoza Batsiraï ny distrikan'Ikongo ary maro dia maro, goavana dia goavana ny fahavoazana tamin'izany. Namela takaitra lehibe ity rivodoza ity, satria maro ny trano sy biraom-panjakana simba sy rava, betsaka ny traboina sy namoy aina. Hatreto aloha, miisa 96 ireo namoy ny ainy tamin'ny fandalovan'ny rivodoza Batsirai tao Ikongo. Toy izao ny isan'ny maty isaky ny kaominina raha ny voaray hatreto:


*Ny fahavoazana nahazo an'Ikongo noho ny rivodoza Batsirai.*

- CU Ikongo : 08 ;
- CR Ankarimbelo : 44 ;
- CR Antodinga : 30 ;
- CR Tanakamba : 09 ;
- CR Ambatofotsy : 02 ;
- CR Ambinanitromby : 01
- CR Sahalanona : 01 ;
- CR Manampatrana : 01.

Mbola mitohy anefa ny fikarohana ireo olona tototry ny trano fonenany ao amin'ireo fokontany maro mandrafitra ny Distrika, indrindra ny ao amin'ny fokontany Faliarivo sy Antanambao, CR Ankarimbelo. Mbola ahiana hitombo ny isan'ny olona maty arak'izany. Betsaka ny trano rava ary izany faharavana izany, no isany nitondra fahafatesana ho an'ireo mponina ao Ikongo. Mankahery manokana ny fianakaviana ary miombona alahelo aminareo ny tenako. Tsara ny manamarika fa ireo antontan'isa ireo dia azo noho ny angom-baovao avy amin'ireo Assistants Parlementaires, ben'ny tanàna ary ireo sefo Fokontany any an-toerana. Mbola mifandray tsy tapaka amin'izy ireo ny tenako hahafahana mahazo ireo isa marina sy hahafahana mandray ireo fepetra ilaina amin'ny fifanampiana. Betsaka ihany koa ireo traboina ankehitriny, izay very fananana ary tsy manana afa-tsy akanjo eny an-koditra. Tsy misy atao sakafo ary tsy misy tahiry afaka ampiasaina, tsy manana trano hialofana. Efa nanaovana tatitra amin'ny ambaratongam-pahefana mahefa avokoa ny zava-misy sy ny fahavoazana any an-toerana. Dibo-drano sy mitoka-monina tanteraka ny Distrika ankehitriny ary misedra ny mafy ny vahoaka. Efa nisy ny vonjy rano vaky izay natao, fa tsy ampy anefa izany manoloana ny fahavoazana lehibe nanjo ny Distrika. Miantso ny vahoaka malagasy hiray hina ary hifanampy amin'izao fotoan-tsarotra izao. Mampitraka ireo fianakaviana mandalo fahoriana ary mankahery ha- trany ireo traboina". Tapaka avokoa amin'izao fotoana na ny lalana, na ny lalamby mankany Ikongo, tena sahirana arak'izany ny mponina.

***Isambilo***

Gabone tsy vita 2 taona

# Tezitra amin-dry Rajoelina i Mompera

2 taona tsy vita ny trano fivoahana, na ny gabone ny Katedralin'ny fiangonana Katolika any Fianarantsoa, nampanantenaina anefa ny anaovana an'izany haingana. Noho izay antony izay, tezitra amin-dry Rajoelina i Mom- pera any an-toerana. Tamin'ny 2 taona lasa tokoa, noravaina ny gabonen'ny Katedraly, fa hoe hisy foto-drafitrasa avy amin'i Prezidà Rajoelina ! TSY VITA NY ASA mandrak'ity ny andro- any. Ny mpiangona anefa efa poritra hoy Mompera. Santionany fotsiny io hoy i Mompera. "Morts-nés" daholo ny "projets" eto Fianarantsoa Izany hoe : saika maty any am-bohoka avokoa ny tetikasa rehetra kasaina atao ao amin'ny renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony. Io tokoa no tonga amin'ilay teny hoe: fampanantenana be dia be, fa ny zava-bita manatody be!

***Stefa***


*Mompera, nitafa mivantana tamin-dRajoelina mivady tany Fianarantsoa.*

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy fahombiazam-pitantanan' ny fitondrana Rajoelina

## Vao mainka milentika, milentika hatrany Madagasikara

Miaina ao anaty fahasahiranana tanteraka ny Malagasy ankehitriny . Eo ny valanaretina CORONAVIRUS, izay mbola mamely mafy tsy mamela mahazo fa misy ny aina nafoy vokatr'izany . Ankoatra izay , eo ny loza voajanahary mahery vaika nanapotika ny fianakaviana Malagasy any amin'ny faritra maro manerana ny Nosy, izay tena namela takaitra maro be tokoa. Ny fahasahiranana mianjady amin'ny tokantrano maro tsy lazaina intsony fa miha-mitotongana hatrany . Maro ny manontany tena hoe: fa ahoana mihintsy no mahatonga ny lozabe mihàtra eto amin'ny firenena ankehitriny ? Mba maro ihany ireo mpitondra teto nifanesy fa voafehy araka ny tokony ho izy ny loza voajanahary nihàtra teo . Ankoatra izay , eo koa ny fidangan'ny vidim-pianana ; eo koa ny fitotongan'ny vidim-bokatra maha fantiantoka ireo tantsaha 80 isan-jaton'ny Malagasy sns… Ao anatin'izany rehetra izany anefa, inona no mba zavatra mivaingana ataon'ny fitondrana izay milaza fa hitondra rivobaovao eto amin'ny firenena fony nanao propagandy ? Natao avokoa izao fampanantenana poak'aty rehetra izao hambaboana an-dRamalagasy, kanjo inona no teo ? Telo taona mahery no nitondra ny fanjakana ny filoha Andry Rajoelina , nisy fiovana ve nandritra izany ? Ny fantatra aloha toa vao mainka milentika , milentika hatrany i Madagasikara. Famonoana afo no betsaka. Hany ka na ny solombavambahoaka mpiray antoko aminy aza vakivava fa tokony laharam-pahamehana ho an'ny vahoaka manerana an'i Madagasikara no atao fa tsy zavatra toy ny hoe teleferika. Ny mpanao misaotra prezidà ao anatin'ny fitondrana ihany no tsy mahatsapa ny fahoriana mianjady amin'ny Malagasy, fa minia mikimpy hoe mandeha araka ny tokony ho izy ny fiainan'ny firenena ary manao zavatra fa tsy mandainga ny filoha . Voaporofo izao tany Fianarantsoa fa miteny hatramin'ny Mompera, fa fampanantenana poak'aty no ataon'ny fitondrana, kabone aza tsy vita efa 2 taona no nampanantenaina. Eto dia mipetraka ny fanontaniana, mbola hisy hihaino ny mpitondra fanjakàna ve amin'izao amin'ireo fampanantenana mbola atao ihany na ao anatin'ny fahoriana mianjady amin'ny vahoaka Malagasy ankehitriny aza?

***Helisoa***

## TONONKALO

## EFA MAILO IREO MPAMATSY

Efa manomboka ho kenda ireo ekipan`ny mapara,
Noho ny fomba fitantanany tena tsy mangarahara.
Mihasarotra ho azy ny mahazo fanampiana.
Efa mailo ireo mpamatsy ka manao fanadihadiana!

Ny hany mbola hihinanany sady hahazoany be,
Dia ny fisian`ny tondra-drano , aretina ary koa kere.
Fa raha izay famatsiana hafa, efa tena manahirana,
Noho ny paompy efa mihidy ka tsy ahità-mangirana.

Vola mihodina amin`ny "tsy izy" , izany manko no mahoraka.
Indreo mitavana daholo ry be kibo efa mivoraka.
Mihevitra ny paiso an-kady ho tsy mba manam-pahataperana,
Hany ka manesokesoka sy miletra tsy am-piheverana !

Tsisy tohiny daholo ireo afera tena goavana
Mahakasika mpitondra izay niletra sy nitavana.
Tao ny ecran plat , bonbon sucette sy ny sisa.
Tsy miteny ny eny ambony fa dia tena "mody gisa"!

Misy fiafarany anefa izay atomboka rehetra.
Irony volam-penomanana , tsy mitohy fa misy fetra.
Ny hany andrasan`ny vahoaka raha lazaina sy fehezina,
Dia tsy inona f`ilay hoe "fianjerana miezinezina" !

…Ka tsy irony tondra-drano na irony rivo-doza,
No hanakana ny dian`iretsy zatra "lalam-poza".
F`izy tenany ihany no hidaraboka hianjera,
Rehefa fanina am-pitoerana f`efa tsy mandeha ny afera !

***TSIMIMALO (07-02-22)***